

JÉSUS VIVANT EN MARIE

N° : 08 / DÉCEMBRE 2018

Édition Malgache

Traducteurs : Jedy, Fanny, Frère Gerard, Frère Samuel

Noho izany ,ny
fanokanan-tena
nampianarin'i Md Louis
de Montfort dia tokony
apetraka amin'ny izay
lafiny tsara izay satria
ny fanokanan-tena dia
tafiditra ao amin' ny
fitomboana mba
hahatonga ny fainana
maha kristiana antsika
tsy afa-po makany
amin'ny afa-po .

TSY FAHAFAHAM-PO

Inona no antony mahatonga ny olona handefa mailaka fisoratana anarana ao amin'ny « secrétariat de la compagnie de Marie » na amin'ny adiresy ao amin'ny tranokala montfortian.info ? Ankoatran'ny misoratra anarana ho mpikambana Association Marie Reine des Cœurs, ao ihany koa ny mitady hevitra sy fomba iainana ny fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan' i Masina Maria , araka ny fampianaran' i Md. Louis de Montfort.

Ireo izay maniry hisoratra anarana ho mpikambana dia efa samy nanokan-tena amin' i Jesoa Kristy amin'ny alalan' i Masina Maria avokoa, na isam-batan'olona na tao anatina vondrona. Manontany fotsiny ny fisoratana anarana izy ireo satria ny fikambanana dia natokana ho ireo rehetra nanokan-tena amin' i Jesoa Kristy amin'ny alalan' i Masina Maria.Ny fisoratana anarana eto dia tena fomba ara – taratasy fotsiny .

“Ny fifandraisantsika amin'i Jesoa dia mila velomintsika
amin'ny fikatsahana ny tsy fahafaham-po”

Pape François



Montfort – “L’Errance du Pèlerin”

Miavaka amin'ireo olona mitady vaovao fotsiny ireo , ireo olona kilasina ho mitady fifandraisana sy fifaneraserana mandritra ny fotoana maharitra. Izy ireo dia maneho ny tsy fahafam-pony manoloana ny fainana maha kristiana azy ireo izay tsy zarizary.



Saint Esprit - Saint Laurent-sur-Sèvre

CONTACTEZ NOUS

BULLETIN DE L'ASSOCIATION MARIE REINE DES CŒURS

MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Viale dei Monfortani, 65,
00135 Roma – ITALIE
Tél. (+39) 06-30.50. 203 ;
E-mail: rcordium@gmail.com

Marina fa maneho tsy fahampiana ny tsy fahafaham-po, midika koa anefa izany fa misy tokony mbola afaka ataontsika tsaratsara ihany koa . Noho izany ,ny fanokanan-tena nampianarin'i Md Louis de Montfort dia tokony apetraka amin'ny izay lafiny tsara izay satria ny fanokanan-tena dia tafiditra ao amin' ny fitomboana mba hahatonga ny fiainana maha kristiana antsika tsy afa-po makany amin'ny afa-po . Tsy mijanona fotsiny akory io fahafahan-po fa mavitrika . Tsy misy fotoana hatsapantsika fahafaham-po tanteraka izany . Tena marina !Eo andalana makany amin'ny fahafaham-po foana isika . Raha ny marina , mba ho afa-po isika , mila mahita ny fisian'ny tsy fahafaham-po maharitra (Gaudete et Exsultate , 99) ao anatintsika.

Maniry hahazo toro lalana izy ireo , avy eo mandalina ireo lalam-piaianana vaovao amin'ny fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan' i Masina Maria . Noho ny Internet, ny namana na noho ireo vaki-boky manokana , maro no mbola tsy ampy fahalalana loatra ny fikambanana , na nohon'ny fahatsapana fa afaka mampitony ireo hetahetan-panahiny ny fanokanan-tena .Ireo antony samy hafa ireo no manosika azy ireo hanoratra aty aminay mangataka toro-hevitra , fanazavana : inona, fa maninona , manao ahoana ny sisa sy ny sisa...

Tsy afa-po isika satria mitady ny avo kokoa hatrany . Amin'ny maha olombelona , misy hatrany hery manosika hanao tsaratsara kokoa... Ny tsy fahafaham- po araka izany dia famantarana mitondra makany ny fanatsarana. Io fihetsem- po mankahery antsika manantanteraka ny fahafenoina na ny tonga lafatra. Ny tsy fahafam-po mitondra antsika hanova ny fiainantsika makany amin'ny tena tanjona.

Tsara marihana fa tsy voatery ho ratsy ny tsy fahafaham-po. Tena tsara ary izy .



Ny tsy fahafaham-po no feona kiririoka manosika antsika hihazakazaka manoloana ny fiaingana makany amin'ny tanjona . Ao anatin'ny vavaka fanokanan-tena, ampisehoan' i Monfort ny fahavitrihana eo amin'ny fahafaham-po sy ny tsy fahafaham-po amin'ny alalan'ny teny hoe « mihaotra ». Mivavaka isika ka miteny hoe manolo-tena tanteraka ho an'i Jesoa Kristy « mba tsy hivadiansika toy ny teo aloha » (cfr ASE 225).

Ny tsy fahafaham-po no manosika ny lalantsika hitadiavana hatrany. Ny fahitantsika kely dia mankahery antsika mba hitady hatrany hatrany . Manosika antsika ho be fanahiana ny tsy fahafaham-po , fanahiana mitarika antsika amin'ny fikatsahana . Hoy indrindra ny lahatenin'ny Papa François ho an'ireo tsy miraraha manoloana indrindra an'Andriamanitra :

“Te hiteny ho an'ireo tsy miraraha manoloana an'Andriamanitra aho , manoloana ny finoana , ireo izay nanalavitra an'Andriamanitra na nandao Azy mihintsy , ary indrindra ho antsika ihany koa noho ireo « fanalavirantsika »,ireo « fandaozantsika »manoloana an'Andriamanitra, ireo madinika, nefà ireo no tena maro an'isa itantsika amin'ny fiainana andavanandro , jereo ny ao am-ponao , jereo ny ao anatinao lalina ary manontania tena hoe mbola misy fo maniry zava-dehibe sa fo resin'ny torimaso ny zava-mandalo ? Mbola voatahiry ao amponao ve ny fikatsahana ny tsy fahafaham-po sa navelanao ho totot'ireo zava-mandalo izay metyahasempotra anao ? Ny fifandraisantsika amin'i Jesoa dia mila velomintsika amin'ny fikatsahana ny tsy fahafaham-po .” (Rejouissez-vous 4).

Arnold, Montfortain



“L'inquiétude de la recherche”
Grotte-Ermitage du Père de Montfort (Forêt de Mervent)

CANTIQUE 64

NOËL: DES AMES SPIRITUELLES

St. Louis-Marie Grignion de Montfort



1. Mba hamonjen'Andriamanitra ny olona hahazo ny lanitra

De nahita fomba mahavariana izy, ilay mahefa

Dia tonga olombelona ny zanak'Andriamanitra,

Mba ho tonga zanak'Andriamanitra ny olona rehetra

2. De nanetry tena tanteraka izy, ilay hoe

Tompo

Mba hisandratantsika hatrany an-danitra tananany

Ary dia nanaiky atao'n'ny olombelona ho mpampongo

Hanomezany antsika ny voninahitra nananany

3. Nanaiky hitoetra tao anaty fahalemena izy

Mba hahatonga antsika hahefa ny zavatra rehetra

Nanetry tena ho tonga zazakely sy ankizy

Mba haharetantsika hatramin'ny taona tsisy fetra

4. Mba hameno harena miavosa ho antsika

Dia tonga nahantra ilay mpanjakan'ny tontolo

Mba hanambitamby ity taranaka maditra

Dia tonga zazakely raha mitomany omena nono

5. Mba hanapaka ny rojo vy mamatotra antsika

Dia izy mihitsy no tonga mba ho mpampihavana

Mba hanafaka amin'ny fahorianana mampipitrapitra

Anomezany antsika hafaliana, fahasoavana

6. Tonga toa antsika ilay Andriamanitra mahefa

Tamin'ny alalan'ny fitiavany fa tsy hoe voasazy

Ka rariny ihany koa raha ny olombelona rehetra

No mba makatahaka hitovy endrika aminazy,

7. Koa ento ary izato diadema manjopika
Fa mendrika ho ravahana an'izany ilay Jesoa
Satria nandao ny toerany ka tonga anivontsika
Hampianjaika antsika ho kanto, ho tretrika sy soa

8. Atolory azy ny fanahintsika rehetra
F'izany no tena ravaka mendrika azy indrindra
Atolory azy ny fo mirehitra tsisy fetra
Fa ao no tiany hitoerana tsaravoatra, tsara rindra

9. Andao ary hamonijy ilay fihinanam-bilona
Sy hanoroka ny tongo-keliny bakorakora
Ilaza aminy isika fa na dia tsinontsinona
Dia aoka mba hanjakany : na jentily na voafora

10. Ry Jesoa malemy fanahy sy manetry tena
Ity ny fonay, foinay ho anao tokoa
Ataovy efitra ho anao, vita rindrim-bolamena
Fa ny halemem-panahinao tsy mba manam-paharoa

11. Ankalazaina ianao ry Maria Virjiny
Ilay niitondra fahasambarana ho an'izao tontolo izao
Sy nanome anay ny fiainana ho sambatra tsy manan-
tsiny
Tamin'ny alalan'ilay mpanavotra, dia i Jesoa
naterakao

ANDRIAMANITRA IRERY.

SINGAPOUR ASSOCIÉS MONTFORTAINS



Nihaona ireo "Associés Montfortains" eto Singapour ny Asabotsy 03 Novambra lasa teo.



Niaraka tamin'ny

Frera Dominic Yeo-FSG ary nanatrika azy...

...ireo nandritra ny fihaonana ny Frère John

Albert, FSG Provincial.

Tao amin'ny Centre Montfort , izay toerana mahazatra no natao ny fihaonana ry zareo ,efa nanomboka niasa tamin'ny taona 2005 moa ny Centre Montfort. Tsy ela akory izay no nikarakara laretirety mikasika ireo aimpanahy montfortana mifototra amin'ny Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay sy ny vavaka miredareda ity Centre Montfort ity.





“Md Louis de Montfort, misaotra anao aho tamin’ireo rehetra nataonao ho ahy sy hoan’ny fianakaviako rehetra”

Fangataham-bavaka Herinandro 45-58

1- Ry Md Louis tsara fo o, mivavaha mba hibebahan’ny zanako rehetra sy mba hatao batemy anie ny zafikeliko rehetra, ary mba hisy ho tonga pretra tahaka anao ny iray amin’izy ireo ! Ankiniko aminao koa ireo rehetra anolorako vavaka. Misaotra

2- Md Louis de Montfort, misaotra anao aho tamin’ireo rehetra nataonao ho ahy sy hoan’ny fianakaviako rehetra. Ankiniko aminao ny ray amandreniko sy ny anabaviko izay mandalo fotoan-tsarotra noho ny fahazaran-dratsin’izy ireo. Herezo sy tohano izy ireo ao amin’ny ady atrehany isan’andro. Miangavy anao aho mba omeo ny anabaviko ny fahasoavana ho amin’ny fibebahana. Misaotra

3- Ry Md Louis de Montfort, ankiniko aminao ny fanahin'ny vadiko izay vao nodimandry, irery tena irery tokoa aho izao. Atolotro an'i Maria amin'ny alàlanao koa ny tenako. Ampio aho mba hahazakàko ny alaheloko sy ny ratram-poko. Mivavaha ho ahy.
Misaotra

4- Md Louis o, mivavaha hoan'ny fianakaviako, ny vadiko, ny zanako ary ny zafikeliko izay tsy mba manam-pinoana. Misaotra

5- Ray o, mba tsilovy ireo zaza rehetra izay mbola tsy natao batemy. Tsilovy izy ireo mba hahitany anao ao amin'ireo vavolombelonao. Misaotra

6- Md Louis-Marie de Montfort, misaotra amin'ireo fahasoavana nomenao tao amin'ny fianakavianay.

7- Md Louis-Marie sy Olontsambatra Marie-Louise de Jésus, ankininay aminareo mianadahy ny zanakay lahysy ny fianakaviany ary ny namanay iray pretra. Mba omeo azy ireo ny fahazavana. Misaotra

8- Salama, tsy mba mpivavaka aho nefà mba manam-pinoana ihany eo am-panajako anareo ry Olontsambatra Marie-Louise de Jésus sy Md Louis-Marie de Montfort. Mba omeo ahy ny hery hahombiazako eo amin'ny asako sy ahitako izay lalàmplainana mahaso ahy. Arovyn amin'ny aretina ny fianakaviako indrindra fa ny renibeko izay ao anatin'ny fijaliana mafy. Misaotra

9- Md Louis-Marie sy Olontsambatra Marie-Louise, vonjeo ny fiafinko ary mba ataoovy izay hampiova azy. Mba hahita asa anie aho amin'izao faram-paran'ny taona 2018 izao. Mba ho velona indray anie fifankatiavanay mivady. Mba esory amiko ity fiafinko mampalahelo loatra sy mangatsiaka ity. Miangavy anareo aho fa tsy tantiko intsony... Amen

10- Md Louis-Marie, ampio izahay mba ho tonga ho amin'ny fahamasinana ary arovyn ny zanakay, mba ho tsara fiafaràna sahala amin'ny fianakaviana Masina ka ho tonga any an-danitra. Arovyn ho lavitry ny fahotana ny fanahinay. Misaotra

11- Mba vonjeo izahay ry Md Louis-Marie, ampio indray izahay mba hahomby ny fandidiana momba ny grefin'ny voa izay hatao. Ankiniko aminao izany ary misaotra amin'ireo fahasoavana rehetra efa noraisiko tamin'ny alàlanao.

12- Md Louis-Marie sy Olontsambatra Marie-Louise, Marquis de Magnane, ankiniko aminareo ny fialantsasatry ny fanahin'ny namako iray. Mba ampio ny fianakaviany manoloana izao fisedrana izao, hamaivano ny alahelony ary tehirizo sy ampio izy ireo mba haharitra amin'ny finoana sy fanantenana ary fitiavana. Misaotra. Ankiniko aminareo koa ny reniko, ampio izahay mba hahitanay izay mahasoa ny vatany sy ny fiadianan'ny fanahiny. Mba ampio koa ireto olondroa amin'ny lâlan-tsarotra izay nosafidiany.

